REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MESUPRES
Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique

SECRETARIAT GENERAL

Ref: 008/2021/MESupReS/SG

FANAMBARANA

Ho fiahiana sy fitandroana ny fahombiazan'ny fampianarana sy ny fahalemana ara-tsosialy eny anivon'ireo Oniversite, ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa (MESupRES) dia mitondra fanazavana momba ireo olana telo lehibe (ny vatsim-pianarana, saram-pianarana ary saram-pisoratana anarana) misy eo amin'ny mpianatra ao amin'ny sampam-pampianarana fitsaboana eto Antananarivo,

1 / - Vatsim-pianarana : andraikitry ny MESupRES feno ny fikirakirana azy. Saingy mitaky antontan-taratasy fanamarinana ny fanaovana "autorisation d'engagement" sy ny famoahana ary ny famindrana ny vola mba hanamoràna ny fanaraha-maso atao. Koa satria nampitain'ny departemanta misahana ny raharaham-pitantanana sy ara-bola ao amin'ny oniversiten'Antananarivo ny zoma 15 janoary lasa teo ny lisitry ny mpahazo tombontsoa, izany hoe ireo manana vatsim-pianarana, dia notohizana ny fikarakarana izany.

2 / - Tambin-karama : araka ny voalazan'ny andininy faha 5 amin'ny didim-panjakana laharana 2006-656 tamin'ny 5 septambra 2006, dia raisin'ny MESupRES antanana ny 50% ary ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka ny 50% ambiny. Ny MESupRES dia hikarakara ireo antontan-taratasy ireo raha vao mahazo ny lisitry ny mpahazo tombontsoa sy ireo antontan-taratasy takiana amin'ireo manampahefana voakasik'izany.

3 / - Saram-pisoratana anarana : Noho ny fizakantenan'ireo Oniversite amin'ny lafiny ara-pampianarana, siantifika, fitantanana ary ara-bola (andininy voalohany ao amin'ny didim-panjakana 2002/565 tamin'ny 4 Jolay 2002), anjaran'ny anjerimanontolo tsirairay avy ny mametraka ny saram-pisoratana anarana ao aminy ary tapahana eo anivon'ny filankevi-pitantanana izany.

Ny MESupRES dia misarika ny sain'ny besinimaro fa ity fampahalalana ity dia efa nampitain'ny Minisitra tamin'ireo filohan'ny "blocs", sy ireo solontenan'ny fikambanan'ny faritra 22 tamin'ny 11 Janoary 2021 ary koa ireo filohan'ny fikambanana pedagojika tamin'ny 14 Janoary 2021.

Antananarivo faha 20 janoary 2021

Ho an'ny MESupReS
Ny Sekretera Jeneraly

MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

RANDRIAMASITIANA Gil Dany
Professeur Titulaire